
# ALAHADY FAHA-3MANDAVANTAONA D 2025



**« Nampianatrataoamin'nysinagôgan'izyireoIzy,**

**ka nankalazain'izyrehetra » (Lk. 1: 15))**

Ry Kristianina havana, amin'izao mandavantaona izao dia fandalinam-pinoana no ataontsika izany hoe miainga amin'ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amin'izao taonan'i Md Lioka izao, dia alalinintsika ny fiainan'I Jesoa mba ho zary fiainantsika izany ny maha-kristianina mpanara-dia an'i Kristy, ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona, ho Tabernakla velona tahaka an'I Masina Maria, ho Mpivahinin'ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no malagasy manasitrana ny ratran'izao tontolo izao. Izao tokoa ny fotoana tsara hirosoantsika lalindalina kokoa amin'ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 ka hivelona ny lohahevitra FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA…

**Vakitenyl :Nehemia 8, 2-4a,5-6,8-10**
**Tononkira :** Salamo 19
**Vakitenyll :** 1 Korintianatoko 12, 12-3
**Evanjely :** Lioka1, 1-4,4,14-21

Amin'izao Alahady faha-3 mandavantaona izao dia manohy ny fianarana ny fiainan'I Jesoa isika miaraka amin'I Md Lioka, na dia i Md Joany aza no novakiana tamin'ny Alahady lasa teo mitantara ny fanovan'I Jesoa ny rano ho divay, izay manambara fa eo anivontsika I Jesoa ka raha mitoetra ao aminy isika dia itoerany, miova ny fiainantsika ka mamokatra tsara, mahasoa amin'ny fiainantsika ary nahafaly ireo izay nasaina tao Kana tamin'izany fotoana izany, nino ny mpianatra satria nahita ny voninahitr'Andriamanitra tamin'ny famantaranana taon'I Jesoa io. Mba hivelomantsika an'izany rehetra izany dia ampitain'ny Eglizy androany ~~ary~~ àry fa ny tenin'Andriamanitra natao hanampy antsika hifanotrona, hifanasoa ka hiroso ho oloaraiky ao amin'I Kristy isika. Izany no antintraterin'ireo

vakiteny androany. Babo ny vahoakan'Israely, potika ny fiainan'izy ireo tany amin'ny fahababoana fa napetrak'izy ireo tsara tamin'ny fiainany ny tenin'Andriamanitra araka ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany *"Novakiny teo anatrehan'ny lehilahy sy ny vehivavy mbamin'izay efa manan-tsaina hahafantatra azy ny boky, teo amin'ny kianja anoloan'ny vavahadin'ny Rano, hatramin'ny maraina ka mandra-pisasaky ny andro, ary nampandry sofina nihaino ny bokin'ny lalàna avokoa ny vahoaka."* Fampianarana lehibe izany miatrika ny zava-misy iainantsika. Torolalana mazava izany ka aoka samy handray azy eo amin'ny fiainana fa indrindra amin'izao taon-jobilin'ny famonjena, fa indrindra isika miatrika izao Sinaody izao. Raha te ho taranaka mpanorina isika, mpanorina Tranobe Iombonana efa miharobaka isika, raha te-ho taranaka Mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra dia aoka horaisintsika ny tenin'Andriamanitra. Efa matetika-nampirisika antsika hoe : aoka ny fianakaviana Eglizy kely samy hanana Baiboly ka hiaraka hamaky ny tenin'Andriamanitra.

Tsara ny manamarika fa ity Alahady ity dia natokan'ny Eglizy ho Alahadin'ny Tenin'Andriamanitra ka ny lohahevitra amin'izany dia ny hoe : "Fanantenana ho ahy ny Teninao" Sal 107, 1. Aoka hoentintsika hiderana sy hianarantsika tokoa ny tenin'Andriamanitra, hanoro làlana antsika tahaka tamin'ny andron'I Elia. Mba hahay handray ny tenin'Andriamanitra isika fa indrindra rehefa andro masina ho an'ny Tompo izany hoe Alahady dia aza asiana fisaonana intsony *"Mandehana mihinana hena matavy sy misotro zava-pisotro mamy, ary anatero anjara izay tsy nahavoatra, fa masina ity andro ity ho an'ny Tompontsika; ka aza malahelo fa ny fifaliana amin'nyTompo no herinareo."*Tanteraka androany izany hoy I Jesoa ao amin'ny Evanjely :"*Ato amiko ny fanahin'ny Tompo irahina hitory vaovao mahafaly aho"*. Raha entanin'ny Fanahin'Andriamanitra isika, ilay Fanahy manoro làlana antsika dia handalina ny finoana tokoa isika. Henontsika i Jesoa ilay zanak'Andriamanitra nihaino tsara ilay fampianarana tao amin'ny sinagoga, nandray ny tenin'Andriamanitra ary nanolotra izany tamin'ireo vahoaka. Isika tsirairay koa mba hahay ny tenin'Andriamanitra ary hizara azy izany hoe handalina ny finoantsika isika ka handray an-tànana azy, hankalazaintsika tahaka an'i Jesoa tao amin'ny sinagoga ka hitondra sy hizara azy amin'ny mpiara-belona. Ho feno ny Fanahy masina isika ka hizara an'izany tahaka nolazain'i Md Lioka ~~nilaza~~ amin'ny fanombohan'ny Evanjely vakina androany *"Noho ny maro efa nanoratra ny tantaran'ny zavatra inoana tokoa amintsika sy noraisintsika tamin'ny vavolombelona sady nahita maso no mpitory teny hatramin'ny voalohany, dia nataoko fa mety koa, rahefa niala nenina aho hahalala tsara ny zavatra rehetra hatramin'ny niandohany, ny hanoratra azy milamina tsara ho anao, ry Teofily manan-kaja, mba ho fantatrao fa marina tokoa izay nampianarina anao."*

Aoka isika handray amim-panajana ny tenin'Andriamanitra sy hivelona azy eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Ho tahaka an'i Nehemia amin'ny vakiteny voalohany tokoa isika ary ho tanteraka ny voalazan'ny Evanjely" Androany ho tanteraka izany voasoratra izany". Tanteraka tokoa izany raha mandray an'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika isika. Taitra ireo nihaino an'i Jesoa tamin'izany ka nifantoka teo aminy ny mason'olona rehetra tao amin'ny sinagoga. Manambara izany fa arakaraky ny hametrahantsika ny anjara toeran'ny tenin'Andriamanitra no mampisy dikany ny fiainantsika manontolo.

Izany no antitranterin'i Md Paoly. Raha eo anivontsika tokoa ny tenin'Andriamanitra, raha manilo antsika izany tenin'Andriamanitra izany dia vatana iray tokoa isika ka afaka mifampizara ny manta sy ny masaka. Ireo talentantsika rehetra dia entintsika hanasoavana ny hafa. Na dia misy aza ny

mpanenjika, aoka ho tahaka an'i Jesoa isika, na dia nisy aza ireo tezitra taminy dia nijoro ho vavolombelona izy.

Aoka ny fijoroantsika ho vavolombelona tsy hoe entina hanaovana hetraketraka na hampaniriana ny hafa sanatria fa kosa hanehoana ny fitiavana sy ny asam-panasoavana araky ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa "Ny olona miombona amin'i Jesoa, ny olona manasoa, ny olona tena tia dia tsy hoe resaka sentosento fa entina eo amin'ny fiainana". Tena mampiditra antsika tokoa amin'ny Sinaody ireo voalaza ka aoka hohalalinintsika. Ireo ny fampianarana fototra ho entintsika amin'izao herinandro vaovao izao, izay hivelomantsika ny tenin'Andriamanitra. Ho fiainana miombona amin'i Jesoa tokoa ny fiainantsika na inona ataontsika dia ao anatin'izany fifankatiavana izany ary apetratsika amin'ny toerany ny tenin'Andriamanitra. Hanilo ny ataontsika rehetra ny tenin'Andriamanitra ka lasa fiainana ho antsika, ho zary fitiavana ka zaraintsika amin'ireo mpiara-belona amintsika ka ho taranaka mpanorina tokoa isika satria oloaraiky amin'Andriamanitra*"Vatan'I Kristy ianareo ka samy rantsambatany manaraka ny laharany tsirairay avy".* Ny talenta omen'Andriamanitra antsika dia ho entintsika hanompoana ny hafa, fanompoana no vokatry ny fandraisantsika ny tenin'Andriamanitra dia i Jesoa eo amintsika. Tsy hoe ho entina hireharehana ny mahakristianina antsika fa entina hanompoana ny hafa.

Ry Jesoa Tompo ô, tantarain'i Md Lioka ny fanombohanao ny fitoriana ny Vaovao mahafaly, roarivo taona lasa izay, mbola maro be ny tsy mahalala anao ka ampio izahay, iraho aminay ny Fanahy masina mba hahatonga anay hitory ny vaovao mahafaly eo amin'ny manodidina anay ary ho hita amin'ny alalan'ny fiainanay izany tahaka ny nataonao teo amin'ny mpiara-miaina sy iray tanàna aminao notorinao teny. Ampio izahay hijoro vavolombelona ka ny teninao hahatonga anay ho tena mpanorina tokoa tahaka anao izay fantatray fa nanaitra ny olona ny fitorianao. Enga anie izahay amin'ny ataonay rehetra hahatarika ny olona hahatsapa fa ao aminao no tena fiainana ka ho Eglizy Olona Velona tokoa izahay ho taranaka mpanorina tokoa amin'ny ataonay rehetra. Masina Maria reny, noho ny "Eny" nataonao dia tonga nofo I Jesoa Tenin'Andriamanitra. Ampianaro izahay hahay hankato an'Andriamanitra ka ho tonga nofo eo amin'ny fiainanao ihany koa I Jesoa Tenin'Andriamanitra. Md Josefa ampianaro ny fianakavianay mba hametraka an'I Jesoa Tenin'Andriamanitra ho ivon'ny fiainanay sy eo anivon'ny fiainanay. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson